

A Lalàna sy finoana. Romana 3:31.

- ❖ Ny Romana 3:31 dia manazava fa, tsy afaka misaraka samy mandeha irery ny finoana sy ny lalàna. Ny finoana dia manamafy orina ny lalàna.
- ❖ **Ny finoan'i Abrahama. Romana 4:1-5.**
 - Nandray fanamarinana tamin'ny finoana i Abrahama fa tsy tamin'ny asa. Mbola jentilisa tsy voafora izy raha novonjena (satria ny Israely tsy mbola nisy tamin'izany).
 - Izany dia manohitra ireo izay mieritreritra fa tokony ho tonga Jiosy aloha ny Kristiana vao vonjena.
- ❖ **Ny finoan'i Davida. Romana. Romana 4:6-8.**
 - Ahoana no nahafaka an'i Davida tamin'ny fahotany?
 - Raha toa ka nieritreritra izy fa hamarinina amin'ny asa, dia nampijaly ny tenany izy. Mety ho tsy maintsy nanao fivahinianana maro izy na nanao fanatitra biby an'arivony.
 - Fantany fa Andrimanitra no hany afaka mamela azy avy amin'ny fahasoavana irery ihany.

B Ny anjara asan'ny lalàna.

- ❖ **Lalàna sy teny fikasana. Romana 4:9-17.**
 - Satria nampanantenaina famonjena i Abrahama talohan'ny lalàna, dia tsy maintsy ho novonjena tamin'ny finoana izy izany. Tsy misy idiran'ny famonjena azy ny lalàna.
- ❖ **Lalàna sy famonjena. Galatians 3:21-23.**
 - Ny fivavahana tsy Kristiana dia mampianatra fa afaka hanana fiainana mandrakizay isika amin'ny fanaovana zavatra (manao fivahinianana, fandinihan-tena (méditation), manolo-tena ho fanatitra...)
 - Ny fivavahana Jiosy dia mandray ny hevitra fa ny famonjena dia avy amin'ny fahatanterahana ny lalàna ihany.
 - Na dia ny Fiangonana Kristiana aza dia manaraka izany hevitra izany. Kanefa Luther sy ireo Mpanavao fivavahana hafa dia namerina indray ny fahamarinana tranainy:
 - ✓ ***vonjena amin'ny alalan'ny finoana irery ihany isika.***
 - Manameloka antsika ihany no hain'ny lalàna. Tsy mahavonjy antsika velively izy.
- ❖ **Lalàna sy fahotana. Romana 3:20.**
 - Mampiseho amintsika izay tokony hatao sy tsy tokony hatao mba tsy hanotana amin'Andriamanitra izy. Afaka manongotra ny ota amin'ny fanafoanana ny lalàna ve isika?
 - Amin'izay, dia tsy tokony ho faty noho ny fahotantsika Kristy. Raha azo natao ny nanafoana ny lalàna, dia tsy nilaina ny fanatitra.
 - Ny fanaovana tsinotsinona ny lalàna dia tsy mahatonga ny famonoan'olona sy ny lainga ho tsy fahotana.
 - Ny lalàna dia fanambarana ny sitrapon'Andriamanitra izay maneho ny toetrany. Noho izany, dia tsy afaka ovana na foanana izy.